nandrara ny voady, ary nilaza manao hoe : "Tsy mitondra soa izany, tsy navoaka izany afa-tsy avy amin'ireo mahihitra

Tatitra azo avy tamin'Ibn Oumar (R.A) : Nitantara fa ny Mpaminany (S.A.W) dia nandrara ny voady, ary nilaza manao hoe : "Tsy mitondra soa izany, tsy navoaka izany afa-tsy avy amin'ireo mahihitra".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandrara ny fanaovana voady ny Mpaminany (S.A.W), izany dia ny faneren'ny olona iray ny tenany hanao zavatra izay tsy nandidian’ny lalàna azy, ary nilaza izy : Ny voady dia tsy mitondra n'inona n'inona, ny olona mahihitra ihany no amoahana izany, izay tsy manao afa-tsy ny zavatra tsy maintsy takina aminy ihany, ary ny voady dia tsy mitondra zavatra izay tsy mbola nalahatra ho azy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/2960